“Rehefa misy ny razana ka entin’ny lehilahy eo am-bozon’izy ireo izany, dia raha olona mpanao soa izy, dia hilaza hoe : Ento mandroso haingana aho,

Tatitra azo avy tamin'i Abo Said Al-Khodri (RA), niteny i Mpaminany (SAW) manao hoe : “Rehefa misy ny razana ka entin’ny lehilahy eo am-bozon’izy ireo izany, dia raha olona mpanao soa izy, dia hilaza hoe : Ento mandroso haingana aho, ary raha tsy olona tsara izy, dia hilaza hoe : O! Loza ho azy, ho entinareo ho aiza izy? Mandre ny feony ny zavatra rehetra afa-tsy ny olona, ary raha mandre azy izy, dia ho torana.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa raha napetraka teo am-pandriana ny razana iray, ary nentin'ireo lehilahy teo amin'ny vozony izany, dia raha olona mpanao ny marina izy, dia hiteny hoe : Ento aho ho amin'ny fahasambarana izay hitany eo anatrehany, ary raha tsy olona marina izy, dia hiantsoantso mafy hoe : Indrisy, ny fandringanana ho ahy, ho entina aiza aho? Noho ny fampijaliana hitany eo anoloany, dia mandre ny feony avokoa ny rehetra afa-tsy ny olona, ary raha nandre izany izy, dia ho torana noho ny hamafin’ny zavatra reny.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3554